12

# NY FIFAMPITSIMBINANA

## TANJONA

Mamantatra ny atao hoe fifampitsimbinana sy ny endrika hisehoany.

## LESONA HOTADIDINA

**1.Inona no atao hoe Fifampitsimbinana?**

Ny atao hoe Fifampitsimbinana dia :

- fifamaliana an'asa ifanaovan'ny olona roan a maromaro mba hitandroana ny aina sy ny fahavelomana.

**2.Ny endrika hisehoan'ny fifampitsimbinana :**

Miseho amin'ny endrika maro ny fifampitsimbinana :

- Fifankatiavana
- Fifanampiana
- Fifanomezana
- Fifamonjena
- Fifanajana
- Fifampitokisana
- Fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny.
- Fifamaliana soa
- Firaisan-kina

- Fifanomezan-tanana

**3.Ny sehatra anehoana azy**

- Eo amin'ny fianakaviana
- Eo amin'ny mpiara-monina
- Eo amin'ny mpiara-miasa sy mpiara-mianatra
- Eo amin'ny mpiray tanindrazana sy ny hafa firenena
- Eo mpiray finoana (any am-piangonana)

**4.Ny ilana ny fifampitsimbinana**

Ilaina ny fifampitsimbinana satria:

- Tsy misy olombelona mahavita tena, tsy misy manana ny ampy, fa izay tsy ananan'ny iray mety hananan'ny hafa
- Mampivoatra sy mampandroso ny tsirairay ary ny firenena.
- Itsimbinana ny aina,
- Ikajiana ny herim-batana, ny herin-tsaina
- Anavotana ny marefo
- Hery entina mampandroso
- Antoky ny firaisan-kina

Sahanasa 1

**Lahatsoratra**

Fianakaviana sahirana izahay. Mikarama manasa lamba no hameloman' i Neny ahy sy ny zandriko. Eh, i Dada moa efa nadio ny rano nitany, efa nahita tovovavin'Iarivo izy ka adinony tery izahay telo mianaka. Na izany aza, nanao ny ainy tsy ho zavatra i Neny amin'ny famelomana ahy sy ny zandriko. Izaho koa manampy izay ho vitako amin'ny raharaha ao an-trano.
Rehefa mirava aho dia mandeha mikarama maka rano hoan'ilay Ramatoa mpampianatra eo akaikinay. Tsy hoe tsy mahavita izahay hoy izy fa ho fitsimbinako anareo. Omeny isam-bolana ny karamakeliko hany ka misy hanampian'i Neny ny hofantranonay.
Etsy andanin'izany, niverina avy any ampitan-dranomasina ihany koa i Felana sy ny vady aman-janany, zanak'ireo olona iasan'i Neny, faly ery izy nahita an'i Neny fa sady mahavita ny asany tsara hono no mpanampy mahatoky. Noraisiny hiasa ao aminy koa i Neny manampy ny efa ataony ao amin'ny Ray aman-dreniny, nomeny anay mianadahy avokoa ireo akanjo sy fitaovana rehetra tsy miasa intsony amin'ny zanany eny fa mbola tena tsara aza izy ireny. Fa ny tena nahafaly an'i Neny dia ho raisiny an-tanana hono ny fianaranay mianadahy. Hafaliana tsy omby tratra ny anay telo mianaka kely. Fanirian'i Neny loatra mantsy ny hahatafita anay mianadahy. Tsy vitan'izany ihany anefa fa mbola nomeny hefitrano kely iray mitokana tao amin'izy ireo izahay hipetrahanay. Tsy nanofa ilay trano bongo kely intsony izahay. Na izany aza anefa tsy najanoko ny fakana ranon'ilay Ramatoa mpampianatra sitran'ny ahay mba ho tahiry kelinay hiatrehana ny hoavy.
Eh, na tsy teo aza ilay Ray mpandositra adidy dia mba miaina toy ny olon-drehetra ihany izahay noho ny fitiavan'i Neny anay mianadahy, ny ezaka rehetra ataony, ary eo indrindra koa ireo fanampian'ireo mpampiasa azy.

**Fanadihadiana lahatsoratra :**
1.Hazavao ny hevitr'ireto teny ireto :
Mahatoky : ……………………………………………………………
……………………………………………………………………………

Raisiny an-tanana :
………………………………………………………………………………………
………………………………………………………………………………………

2.Lazalazao amin'ny fehezanteny telo na efatra ny endriky ny fifampitsimbinana hita eo amin'ny lahatsoratra.
……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………

3.Milazà endrika fifampitsimbinana fahitanao eny amin'ny fiaraha-monina.
……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………

## Sahanasa 2

Mitadiava ohabolana efatra momba ny fifampitsimbinana.
……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………

## Sahanasa 3

Mamorona lahatsoratra mitantara endrika fifampitsimbinana hitanao teny amin'ny fiaraha-monina na henonao tamin'ny haino aman-jery.